**A SADY ZANAKA NO MPANDOVA AN'ANDRIAMANITRA (Galatiana, 3: 26-29)**

- ❖ Ahoana no nahatonga antsika ho mpandova rehefa avy nofehezin'ny mpitaiza fony fahazaza?
  - — Araka ny nianarantsika tany aloha dia tsy zaza fehezin'ny mpitaiza intsony isika taorian'ny nihaonantsika tamin'i Jesosy (and. 25).
  - — Tonga lehilahy lehibe zanak'Andriamanitra isika amin'ny finoana an'i Kristy – tsy mila mpitaiza (and. 26)
  - — Fony isika natao batisa dia nitafy an'i Kristy (and. 27).
  - — Iray ao amin'i Kristy isika; tsy misy intsony ny fanavahana ara-pihaviana, ara-tsata sôsialy sy araka ny maha-lahy na maha-vavy (and. 28).
  - — Tonga zanakalahy zy zanakavavin'i Abrahama isika ary "mpandova araka ny teny fikasana." (and. 29).

**B NY MPANDOVA TALOHAN'I KRISTY: ANDEVO (Galatiana, 4: 1-3)**

- ❖ Talohan'ny nahatongavan'i Jesosy dia "nandevozin'ny abidim-pianaran'izao tontolo izao" ny Zanak'Israely (and. 3).
- ❖ Izany abidy izany dia ny singa fototry ny finoana. Izany hoe ny lalàna seremoniely izay toy ny mpitaiza ny Israely. Santatry ny filazantsara izany, aloky ny zavatra ho avy fotsiny ihany.

**D NIRAHIN'ANDRIAMANITRA NY ZANANY (Galatiana, 4: 4)**

- ❖ Tsy kisendrasendra fa araka ny planina efa nambaran'Andriamanitra mialoha no nahatongavan'i Jesosy teto an-tany.
- ❖ Na dia Andriamanitra aza Izy, dia *natera-behivavy*. Nandray ny maha-olombelona Izy mba ho mpisolo toerana antsika, sy Mpamonjy antsika, sy Mpisoronabentsika araka ny lalàna.
- ❖ *Nateraka tao ambanin'ny lalàna Izy*. Notanterahiny ny fitakian'ny lalàna ary nentiny ny fanamelohana tokony ho antsika.
- ❖ Tamin'ny alalan'ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana dia nahatanteraka ny fahamarinan'ny lalàna Izy, izay mitaky ny hahafatesan'ny mpanota, koa azony ny zo hamonjy izay rehetra manatona Azy amin'ny finoana sy fanoloran-tena marina.

**E NY MPANDOVA TAORIAN'I KRISTY: ZANAKA NATSANGANA (Galatiana, 4: 5-7)**

- ❖ Novidin'i Jesosy isika – navotany isika –, ka nanafaka antsika Izy:
  - — Amin'ny devoly sy ny fandriny (Hebreo 2:14-15).
  - — Amin'ny fahafatesana (1 Korintiana 15:26-57).
  - — Amin'ny herin'ny fahotana izay manadevo antsika (Romana 6:22).
  - — Amin'ny fanamelohan'ny lalàna (Galatiana 4:5)

**F MIVERINA INDRAY (Galatiana, 4: 8-11)**

- ❖ Nasehon'i Paoly ny Galatiana ireo tombontsoan'ny fahatongavana ho mpandova an'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Jesosy, koa gaga izy ny amin'ny nisafidianan'izy ireo hiverina indray amin'ny "abidin'ny" finoana. Araka ny andininy faha-10 dia nisafidy izy ireo ny hitandrina:
  - — Andro (ireo sabata seremônialy).
  - — Volana (ny voaloham-bolana).
  - — Fotoana (ireo fety fanao isan-taona).
  - — Taona (ireo sabata taona sy taon-jobily).
- ❖ Mpandova izy ireo kanefa nandà ny fananganana azy ary niverina ho andevo indray.
- ❖ Raha lalàna sy fitsipika fotsiny no fototry ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra dia tsy azontsika ny tombontsoa hiaina amin'ny maha-ZANAKALAHY SY ZANAKAVAVIN'ANDRIAMANITRA.